JA : L'ACM peut rechercher les financements pour développer les formations nécessaires à l'industrie. Le secteur peut y contribuer en instaurant une taxe professionnelle spécifique qui y sera affectée. Certes, cela va se répercuter sur les usagers, mais elle permettra de garantir la disponibilité du transport aérien dans l'avenir. En matière de sécurité, nous avons déjà recruté de jeunes retraités de la compagnie nationale pour devenir des inspecteurs de l'aviation civile. Bien sûr, nous les formons au préalable pour mettre à jour leurs connaissances. Nous allons également recruter de jeunes ingénieurs et techniciens qui seront formés localement et à l'étranger. Nous avons déjà fait appel à une compagnie étrangère spécialisée dans la surveillance des opérateurs. Celle-ci nous a envoyé des inspecteurs pour compléter notre effectif pour une période donnée. Tout cela coûte très cher mais c'est indispensable pour pouvoir remettre sur les rails l'industrie. C'est une mesure de court terme pour maîtriser les risques et minimiser la probabilité d'apparition de problèmes de sécurité. Cela commence par des inspections avant les vols. En outre, il y a une volonté réelle de l'Etat d'aider l'industrie à se développer. C'est un premier point capital.

BT : Qu'est ce qui a déjà été fait après le rapport de l'OACI ?

JA : L'OACI a exigé la recertification de tous les opérateurs aériens selon un processus spécifique défini par elle-même. Nous sommes en train de rattraper notre retard et nous pensons que dans les mois à venir, tous les opérateurs seront recertifiés selon le nouveau standard. Air Madagascar a été la première compagnie à être certifiée selon le nouveau standard.

BT : Vous avez retiré l'agrément de quelques compagnies

JA : En effet. L'ACM étant responsable de la sûreté aérienne, il lui appartient de suspendre l'activité des compagnies qui ne respectent pas les normes sensibles et critiques de sécurité. C'est après des

inspections et des audits qu'une telle décision est prise à titre conservatoire. C'est une réglementation de l'OACI et également notre propre règlement que nous appliquons à la lettre. Les compagnies concernées doivent rectifier les anomalies avant de pouvoir voler à nouveau.

BT : Il fut un temps où nous voulions nous retirer de l'Agence pour la Sécurisation de la Navigation Aérienne (ASECNA). Que gagnons-nous en restant membre ?

JA : La sécurisation de la navigation aérienne est un secteur très demandeur de technologie, de personnel hautement qualifié, de compétences spécifiques. Donc, il y a toujours des avantages à mutualiser les efforts en raison de l'économie d'échelle. On gère mieux plusieurs particularités ensemble que seul. On perd peut-être en autonomie du fait qu'on doit partager avec d'autres mais ce qu'on gagne est largement supérieur à ce qu'on cède.

BT : L'ACM a toujours prôné que la redevance est un paiement en échange d'une prestation. La suspension de la Redevance de Sûreté Aérienne pour les passagers équivaudrait donc à ne pas assurer la sécurité aux passagers ?

JA : Effectivement, la redevance est payée en contre partie d'un service. Ce n'est pas juste une vue philosophique mais écrit noir sur blanc dans les textes de l'OACI et dans ceux du code de l'ACM. La suspension de la RSA découle du non respect des textes qui stipulent qu'une consultation préalable des usagers est nécessaire avant de mettre en œuvre une variation importante du montant de la redevance. Il y a également lieu d'examiner en détail les raisons de l'augmentation du montant et s'assurer que les prestations annoncées sont réalisées. La compagnie chargée de la collecte des RSA est à ce stade d'examen actuellement. L'ACM réexaminera la question une fois les résultats connus.

BT : Quid des NOTAM.

JA : Vous avez une idée fixe sur le mot NOTAM. En fait, interdire une personne de monter à bord d'un avion est une prérogative de puissance publique, du transporteur et de l'ACM lorsque la sécurité de l'exploitation est remise en cause. Lorsque le fait d'embarquer un passager risque de nuire à la sécurité du vol, il y a obligatoirement des mesures à prendre. Et nous n'avons pas d'explication à donner.

BT : Il paraît que l'ACM va se retirer de la sûreté aérienne ?

JA : Il faut une industrie sûre et conforme aux normes internationales. L'ACM a contracté avec la CSPI pour assurer certaines activités relatives à la sûreté aéroportuaire et pour maintenir certains standards exigés par l'OACI. L'ACM supervise et contrôle tous les acteurs aéroportuaires y compris cette compagnie. C'est le premier volet du rôle de l'ACM. Le deuxième volet est que l'ACM veille à ce que les termes du contrat avec cette compagnie soient respectés. Je note que l'ACM ne doit pas accomplir les missions des opérateurs. En tant que superviseur, c'est à elle de juger le travail de ces opérateurs.

▲ Ony Nandrianina RABENANTOANDRO
Voasary Ravo RAONIZAFINARIVO
Herinjaka RABANAIVO



tsy aritra

TG Fianarantsoa

5 000 ariary no aloa raha tsy te hilahatra : Fanosoram-potaka fotsiny



Tsy afaka ny hanaiky
ny fanaratsiana be fahatany
ny Trésor

«**M**isy mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana ao Fianarantsoa mampandao vola 5 000 ariary ny zokiolona rehefa amin'ny fotoana fandraisam-bola dia tsy milahatra izy ireo rehefa maka ny volany, ary toerana fandraisam-bola (*caisse*) roa sisa no misokatra rehefa amin'io fotoana io mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ny teti-dratsiny raha toa ka efatra izany amin'ny andavanandro.»

Gazety mpiseho isanandro eto Antananarivo no namoaka io vaovao io. Tsy mahagaga intsony ny mahare fanaratsiana sy fanenjehana ny Tahirimbolam-panjakana toy izany amin'izao fotoana izao raha miezaka ny hamerina ny hasin'ny fitantanana ny volam-bahoaka amin'ny ara-dalàna ny Tahirimbolam-panjakana. Fady ny Tahirimbolam-panjakana anefa ny mihinana amam-bolony izay rehetra voalaza ka nampanao fanadihadiana toy ny fanaony izy.

Voaporofa ara-teknika tamin'ny alalan'ny fitanana an-tsoratra ny fampidirana sy famoaham-bola tamin'ny *caisse* fa dia toerana fandraisam-bola efatra tokoa no niasa ny 15 sy 16 aprily 2014, ary telo kosa izany ny 17 sy 18 aprily, raha toa ka iray ihany izany amin'ny andavanandro.

Marihina fa manao izay tratry ny heriny hatrany ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana, ary ny *Trésorier Général* dia nanao fisavana sy fanaraha-maso mba ho fampandehanana haingana ny raharaha sy hialana amin'ny filaharana lava be sy ny karazana kolikoly na fanararaotana atao amin'ireo manan-draharaha.

Marihina fa misy ny lamina asa manokana napetraky ny *Trésorier Général* rehefa amin'ny fotoana fandoavam-bola. Tapaka avokoa ny lalana rehetra mifandray amin'ny *caisses* avy any anaty trano ka tsy misy mahazo vola raha tsy milahatra avy any ivelany. Ny mpiasa rehetra rahateo dia any an-tokontany no miasa manomboka amin'ny 6 ora maraina mandray ny anjara andraikiny amin'ny fandaminana napetraka. Tsy misy manao ny asa fanaony andavanandro izy ireo fa miara-misahana ny lamina amin'ny fandoavana ny *pensions*: olona roa mizara laharana, roa mampiditra olona haka ny taratasy fandoavam-bola, ny *Trésorier Général* misava ny laharana eo am-pidirana, 13 kosa no mizara ny taratasy fandoavam-bola, roa mijery sy manara-maso ny taratasy fanomezana alalana manokana handray vola fisotroan-dronono, iray mamoka ny olona nahazo ny taratasy fakana vola ho any amin'ny *caisse*, efatra manao ny fanamarinana mialoha ny fandoavam-bola, efatra ny *caissiers* ary roa ny *aides-caissiers* mandamina sy manambatra amin'ny alalan'ny «*bande machine*» ny totalin'ny taratasim-bola naloa.

Izany rehetra izany no ilazana fa fitiavana te hanenjika fotsiny no anton'izao famoahana vaovao tsy marim-pototra izao. Araka ny fanadihadiana dia fantatra fa olona tompondraikitra ambony amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana any amin'ny Faritra Matsiatra Ambony iny, izay nitsinjo ny tombontsoa kely manokana, no antsy be sy vy nahitana izao fanosoram-potaka izao rehefa nolavina ny fandoavana ny volany noho ny lalàna.

Manaitra indray ny sain'ny rehetra ny Tahirimbolam-panjakana fa tsy hihemotra amin'ny ezaka efa natomboky amin'ny fanatsarana ny fitantanana ny volam-bahoaka. Tsy ijeran-tava na bika na toerana ny fampiharana ny lalàna mifehy ny famoaham-bolam-panjakana. Ka hafatra no hatsipy amin'ny mpiara-miasa rehetra hoe : «*Sahia mijoro hatrany amin'ny fahamarinana fa isika Tahirimbolam-panjakana tsy voavidim-bola amin'ny tsy marina na dia eo koa aza ny fanenjehana!*»

▲ Hanitra RANDRIANIRINA

Kaominina ambanivohitra Mila fanatsarana ny fitantanam-bola

Maro amin'ireo kaominina ambanivohitra (*Commune rurale*) no tsy sahanin'ny mpitam-bolan'ny Tahirimbolam-panjakana ny fitantanam-bolany. Goragora tanteraka, tsy misy fanaraha-maso ny fitantanam-bola, hany ka sarotra ny fanamarinana ny vola azo amin'ireo fanomezana alalana isan-karazany (fampisehoana, fanorenana trano, tamboho...). Araka izany dia misy ny vola «*very*» tsy tafiditra ao anatin'ny kitapom-bolan'ny kaominina.

Raha ny lafiny fandanian-bola indray dia hita fa maro ny lesoka. Singanina amin'izany ny asa fanamboaran-dalana izay olona tsy manana ny traikefa sy ny fahaiza-manao amin'ny asa vaventy araka ny voafaritry ny didim-pitondrana akory no manatanteraka azy. Marihina fa volam-bahoaka no ampiasaina amin'izany hany ka mahasarotiny ny Tahirimbolam-panjakana.

Maro ihany koa ny tsy fanarahan-dalàna ao amin'ny fitantanam-bola : (i) fahabangana teo amin'ny vola kirakira (*encaisse*), (ii) tsy fanarahana ny dingana tokony arahina amin'ny famoaham-bola, (iii) famoaham-bola tsy misy antontan-taratasy manamarina ny asa vita, (iv) tsy fandrotsahana ao amin'ny kitapom-bolan'ny kaominina ireo vola tsy nampiasaina, (iv) fanekena famoaham-bola tsy manaraka ny didy aman-dalàna manankery na ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Filan-kevitra kaominaly.

Tao amin'ny kaominina iray dia nasintaka tamin'ny asany ny mpitam-bola ary nosoloina, na dia efa nonerany aza ny vola banga. Ary satria moa mpitan-kaontim-panjakana ireny mpitam-bola ireny dia tsy maintsy hisy ihany koa ny fepetra horaisina mifanaraka amin'ireo tsy fanarahan-dalàna hafa hita. Andraikitra ny Kaominina kosa no mandray ny fanapahan-kevitra mifandraika amin'ny asa momba azy. Ny fitsirihina izay notontosain'ny sampana mpanara-maso eto amin'ny Tahirimbolam-panjakana tao amin'ny Kaominina Ambanivohitra iray tamin'ity telovelana voalohany ity dia nahafahana nitaratra ny fomba fitondran-draharaha, izay andraikitra ny Ben'ny tanàna na filohan'ny delegasiôna manokana, sy ny fomba fitantanam-bola, sahanin'ny *Secrétaire Trésorier Communal*, amin'ireny kaominina ireny. Mifampiankina tanteraka mantsy ireo lafiny roa ireo amin'ny fampandrosoana ny kaominina.

▲ Landy ANDRIAMIALIZAFY

BREVE

Ouverture de deux caisses à Mananjary : Les retraités reconnaissants

La lettre est datée du 20 mars 2014 et est adressée au Directeur Général du Trésor Public malgache. Les expéditeurs, car ils sont nombreux, sont les retraités qui touchent leur pensions à la Trésorerie Principale (TP) Mananjary. En objet, ils ont mentionné «ouverture de deux caisses».

La raison de la lettre

Auparavant, la TP Mananjary ne disposait que d'une seule caisse pour servir les 650 pensionnés. Chaque personne devait alors faire la queue pendant presque une journée avant d'être servie. Ainsi, lors de la présentation de vœux de nouvel an - le 21 janvier 2014 - l'association des retraités a sollicité le Trésorier Principal Mananjary pour l'ouverture d'une deuxième caisse. Le premier responsable de la TP a alors fait part de cette demande des personnes âgées. Ce fut exactement le 13 février de cette année 2014. Sitôt demandée, sitôt accordée, l'ouverture de la caisse supplémentaire a été effective dès le paiement des pensions du mois de mars.

Le défi d'améliorer la qualité des services rendus aux usagers a été relevé à Mananjary.

actualités

Les Chefs de Poste, face aux défis du Trésor Public

Une grande salle de conférence de la Chambre de Commerce et d'Industrie d'Antananarivo, a réuni près de 150 chefs de poste issus du réseau comptable du Trésor les 23, 24 et 25 avril 2014. Initié par la Direction de la Comptabilité Publique, ce regroupement a pour objectif de procurer aux postes comptables un cadre favorisant la contribution de ces derniers à l'atteinte des cinq défis du Trésor Public (cf TAHIRY N°39).

Cadre de travail ouvert et enrichissant. Non seulement le regroupement a été une séance d'information, de formation et de mise au point mais il a été également une plateforme d'échanges et de partage d'expériences pour les responsables des postes publics. Plusieurs thèmes touchant directement les activités des postes comptables ont été discutés. Ainsi, en ce qui concerne le suivi trimestriel de l'exécution budgétaire des postes comptables, aussi bien en termes de réalisations techniques que financières, il a été rappelé que l'utilisation des crédits accordés devrait être optimisée. Les activités entreprises doivent justifier



Un parterre de trésoriers, percepteurs principaux et autres comptables publics.

l'utilisation des enveloppes budgétaires octroyées et contribuer aux actions du Trésor Public dans le cadre de l'amélioration des conditions et de l'environnement de travail.

Par ailleurs, pour ce qui est de la dématérialisation et de l'information des postes comptables, cette rencontre a permis de faire le point sur l'avancement du projet de mise en place du système de paiement électronique et évolutif des dépenses ainsi que le projet d'informatisation des Perceptions Principales et des Etablissements Publics. D'autre part, des modules de gestion informatisée de certaines opérations telles que les avances de solde et le calcul automatique des indemnités de déplacement sont également en cours de développement. Mais parallèlement à ces projets, le renforcement de l'électrification des Perceptions Principales est à prévoir pour mener à bien cette modernisation des conditions de travail auprès des postes comptables.

L'amélioration de la qualité des services rendus aux usagers étant actuellement l'un des premiers soucis du Trésor Public, l'uniformisation ainsi que la standardisation des traitements des opérations sont de mise. De ce fait, les échanges entre les postes comptables et les éclaircissements apportés par les services centraux ont permis aux responsables de tendre vers cette normalisation comptable, garant du retour à l'orthodoxie financière et à la bonne gouvernance. Néanmoins, il est à rappeler que les principaux points abordés à ce sujet concernent le recouvrement des recettes des collectivités, les procédures de paiement des pensions, la gestion financière et comptable des Régions, le paiement des prestations de la CNAps et les procédures comptables particulières.

Enfin, la sécurisation des deniers publics constitue l'un des points les plus importants dans la mission du Trésor Public. Les termes de la coopération ont déjà été négociés et les dispositions intermédiaires ont été prises pour renforcer la sécurisation des postes comptables.

Mais parlant de sécurisation, on peut aussi parler de sécurisation des opérations comptables. La garantie du système comptable dépend de l'existence d'une structure ou d'un dispositif robuste permettant de maîtriser le fonctionnement des activités financières et donner ainsi une assurance raisonnable sur la qualité des comptes et leur fidélité à la réalité économique, patrimoniale et financière.

La coopération entre la DGFI et la DGT a permis aux responsables malgaches de suivre des séminaires relatifs à ce contrôle interne et audit interne. Aussi le regroupement du 25 avril 2014 a-t-il permis aux missionnaires malgaches de partager avec leurs pairs leurs acquis en matière de contrôle interne et maîtrise des risques. Outre les exposés théoriques, des exemples pratiques ont été présentés par les intervenants. Ces exemples restent des illustrations mais les grands travaux incombent à la Direction de la Comptabilité Publique, principal responsable des postes comptables.

▲ Hanitra RANDRIANIRINA

izaho sy ny asako

Valo volana tsy mandray karama. Soa fa mahatsinjo mpiasa ny Tahirimbolam-panjakana



Edouard SOLORIRININA,
*Agent détaché de la Commune Urbaine,
TG Mahajanga*

«**O**lana ara-bola ? Efa iainanay mpiasan'ny Kaominina Ambonivohitra eto Mahajanga isanandro izany. Nanomboka ny taona 2007 dia tara lava ny karaman'ny Kaominina. Iray volana izany tany am-piandohana, nitombo tsikelikely anefa io elanelana io ary ankehitriny dia ny karama tokony ho noraisina tany amin'ny valo volana lasa izao no noraisina tamin'ity volana mey ity. Rehefa eo amin'ny volana janoary hatramin'ny martsa eo dia tsy mandray karama mihitsy izahay. Sahirana lava izahay valo mianaka amin'ny fampandehanana ny fiainan-tokantrano ka voatery nindram-bola foana.

Ny olana ao amin'ny Kaominina toa tsy ahitam-bahaolana mihitsy. Tena mampalahelo ireo namana mpiasan'ny Kaominina izay voatery mindram-bola foana noho ny tsy fisiana. Ary vantany vao mandray karama dia lasan'ny tompom-bola ny trosa ka tena tsy zarizary ny fivelomany.

Soa ihany anefa fa mahay mitsinjo ny mpiasa ny Tahirimbolam-panjakana. Azo lazaina ho afaka olana izahay nanomboka dimy taona lasa ary indrindra moa fa amin'izao fotoana izao. Mba afaka miaina toy ny olon-drehetra amin'izay izahay *agents détachés* ankehitriny. Tombony lehibe izany.

Niasa telo taona tany amin'ny Kaominina ambonivohitra Mahajanga aho mialohan'ny nidirako tato amin'ny Tahirimbolam-panjakana 14 taona lasa. *Agent de poursuite*-n'ny Kaominina, manao *vérification Bon de Caisse* sy *contrôle avant paiement* no asako amin'ny ank-pobeny. Amin'ny andavanandro dia vita ara-potoana izany saingy rehefa fotoanan'ny *grands paiements* dia amin'ny enina ora hariva raha aloha indrindra vao mirava izahay. Mazoto tsara izahay telo mianadahy *agents détachés* miasa ato amin'ny TG Mahajanga. Vitanay ara-dalàna ny asa ary tsy mody raha tsy efa milamina tsara izany. Mifanohitra amin'izany ny miseho any amin'ny Kaominina. Mihena ny faharisihana miasa. Tara vao tonga ny ankamaroan'ny mpiasa ao ary mody aloha. Efa ho 500 eo ho eo ny mpiasa ao amin'izao fotoana izao. Ny mpitondra tokoa mantsy samy manana ny olona ampidiriny avy ary izay mpiasa tafiditra tsy azo roahina.

Ny tsy fahampian'ny vola miditra mihatra amin'ny vola mivoaka ao amin'ny Kaominina no mahatonga io fahataran'ny karama io. Toerana politika ny an'ny mpitantana ny Kaominina araka ny fije-riko azy.

Hafatra : Maniry ny ho raisina ho mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana raikitra izahay. Mafy ny asa ary betsaka ny tsindry azo-nay. Manana lehibe roa izahay ka samy manana ny baikony izy ireo. Indraindray aza tena mifanohitra mihitsy izany ka tena manahirana ihany !

▲ Yves RAKOTO

angom-baovao

▲ Takelaka notontosain'i Yves RAKOTO sy Tolotra RAOILIJON

Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana Tany amin'ny Faritra Melaky no namaranana ny fitsidiham-paritra



Ao an-tampon-tanànan'i Maintirano, manakaiky ny biraom-panjakana hafa no misy ny TG Maintirano. Tombony lehibe ho azy izany satria manamora ny asa.

08 may 2014. Ela ny ela. Nitsidika ny Trésorerie Générale (TG) Maintirano ny avy aty amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana. Toerana tena saro-dalana i Maintirano sy ireo *Perceptions Principales* (PP) miankina aminy (Antsalova, Besalampy, Morafenobe ary Ambatomainy 404) ka tena an-kafaliana tanteraka -rariny ny ilazana izany eto- no nandraisan'ireo mpiasan'ny Tahirimbolam-



Na toerana lavitra andriana sy saro-dalana aza, ary na antitra dia antitra aza ny toeram-piasana dia tsara kolokolo sy milamina ny TG. Misedra olana anefa ireo mpiasa amin'ny fanatanterahana ny asany andavanandro satria dia tery sy iva ny birao hany ka mafana sy tsy azon-drivotra loatra.

panjakana tany an-toerana ny Tale jeneraly sy ny Talen'ny haitoebolam-panjakana ary mpiara-miasa maro hafa. Velombolo ireto notsidihina ireto satria sambany tamin'ny tantaran'ny TG Maintirano no nisy fitsidihana sy fidinana ifotony toy izao. Telo sosona no zava-dehibe vita sy nisongadina : fanamafisana orina ny fiaraha-miasan'ny Tahirimbolam-panjakana sy ny Faritra Melaky, fijerena ifotony ny fotodrafitrasan'ny TG Maintirano ary atrikasa niarahana tamin'ny mpiara-miasa rehetra. Ny hisian'ny fifankahafantarana misimisy kokoa, ny

fahafantarana ny zava-misy marina any an-toerana indrindra ny lafiny fotodrafitrasa sy fitaovana no tanjon'ny fitsidihana ireo rantsamangaika.

Notoloran'ny foibe solosaina, milina fikajiana, latabatra, seza, lalimoara...ny TG Maintirano ho fampitaovana azy.

Tsara ary tokony hotohizana ny fiaraha-miasa amin'ny Faritra

Nampahafantarina ny fiovam-pitantanana hisy ao amin'ny TG, ny Lehiben'ny Faritra Melaky. «Tsy afaka ny tsy hiarahiasa mantsy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ny Tahirimbolam-panjakana», hoy ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana.

Faritra Melaky : Naverina amin'ny ara-dalàna ny fitantanana ny mpiasa

Taloha dia tsy mba nisy nanaraka ny lalàna mifehy ny mpiasa teto amin'ny Faritra. Tsy manara-dalàna ny fampidirana mpiasa. Tsy hita soritra ny nandoavana ny karaman'izy ireo ary ny mpiasa tsy mba voasoratra amin'ny sampana mpandoa fisotroan-dronono ihany koa. Amin'izao vao naverina amin'ny ara-dalàna araka ny fehezan-dalana mifehy azy ny mpiasa tsirairay.

Ho fitsinjovana ireo mpiasan'ny Faritra dia nangataka ny hanafainganana ny *subventions* 2014, ny Lehiben'ny Faritra. Mbola ny tamberim-bidy ihany no andoavana ny karama sy ny tambin-karaman'izy ireo hatramin'izao. Nankasitraka ny ezaka sy ny finiavana vitan'ny lehiben'ny faritra ny Tahirimbolam-panjakana satria izany no fiverenana amin'ny fitantanana madio, mahomby sy mangarahara izay nikelezany aina nandritra ny taona maro.

Be ny vokatra saingy lafo ny vidim-piainana



1 000 ariary ny vidin'ny iray amin'ireo trondro lehibe ireo

A nisan'ny Faritra saro-dalana sy ratsy lalana indrindra amin'ireo Faritra 22 i Melaky. 30 km raha be indrindra ny lalana volo-tara ao izay mampitohy ny Distrika dimy ao aminy.

Sakana lehibe amin'ny fampandrosoana ny Faritra Melaky izany. Andaniana ora maro, ary tsy maintsy atoriana an-dalana ny halaviran-dalana 400 km, mampitohy an'i Maintirano sy i Tsiroanomandidy eny fa na dia amin'ny fotoan'ny maintany aza: Roa andro eo ho eo vao tonga. Ny fiara vaventy no mpitondra ny vokatra makany an-toerana ary indraindray dia afaka herinandro vao tonga any. Betsaka noho izany ny entana simba ary miakatra be ny vidin'ny entana rehetra avy any amin'ny faritra hafa toy ny legioma, ny voatabia, ny tongolo, ny sakamalaho... Voatabia kely iray no vidiana 200 ariary amin'izao maintany izao, tafakatra 3 000 ariary kosa ny kilaon'ny karaoty sy ovy...

Mitobaka ary jerena fotsiny sady mora kosa ny vidin'ny entana avy ao an-toerana. 1 000 hatramin'ny 3 000 ariary ny iray amin'ny trondro lehibe. Anisan'ny mora koa ireo karazana trondro maina. 1 400 ariary ny kilaon'ny vary fotsy.

Kely ny fifamezivezen'ny vola any ambanivohitr'i Maintirano. 100 km miala an'i Maintirano fotsiny no misy an'Andranovao. Mpanarato ny olona any nefa tsy mba mivarotra satria sarotra ny famoaham-bokatra. Trondro no sakafa ary rehefa tsy lany dia amainina na ariana. Mampieritreritra...

Dinikasa : nandraisam-bahaolana, nizarana vaovao maro



Anokanana fotoana foana ny fifampidinihana momba ny asa aman-draharaha rehefa manao fitsidiham-paritra. Fotoana hifampizarana ny mahafinaritra sy ny manahirana ireny.

Niompana manokana tamin'ny fanatsarana ny fotodrafitrasa sy ny fanatsarana ny tontolo iainan'ny mpiasa, amin'ny ankapobeny, ny vahaolana noraaisina.

Tsy hanofa trano intsony ny *Perception Principale* fa hananganana fotodrafitrasa manara-penitra. Raha vita ny taratasy rehetra dia amin'ny 2015 no hanatanterahana izany any Antsalova sy Maintirano. Homena môtô tsy mataho-dalana ny PP Besalamy. Hohavaozina ny tranon'ny PP Ambatomainy. Samy hahazo mpampifoho rivotra (*ventilateur*) raitra ny PP efatra noho ny hafanana be loatra any amin'ny Faritra Melaky.

Antoky ny fampandrosoana ny fampiofanana fa tsy rendrarena

«Betsaka ny zavatra tsy mbola vita sy tokony hatao na dia efa betsaka aza ny dingana vita. Tsy afaka handroso mihitsy mantsy raha tsy mivoatra ny fahaiza-manaon'ny mpiasa tsirairay. Tsy afaka mitondra ny *valeur ajoutée* hahatarana ireo fanamby napetraka tokoa raha tsy mitombo ny fahaizana» tenin'ny Tale jeneraly io mba hampitana amin'ireo mpiara-miasa fa tsy haitraitra mihitsy ny fiofanana. Izany no mahatonga ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana mitady fiaraha-miasa amin'ireo sampam-pampianarana maro, hatrany ivelany mihitsy mba hanofana ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana malagasy. Ny fahazoana ny traikefan'ny hafa sy ny mba hahafahana mampihatra izay hita fa tsara sy mety eto amintsika no tanjona mba ho fampivoarana hatrany ny Tahirimbolam-panjakana malagasy. Koa satria efa fantatra ny fiofanana ilan'ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana (ohatra ny haitoebola) dia kendrena mba samy hahazo fampiofanana avokoa izay mila, na ny any Antananarivo na ny any amin'ny Faritra. Mbola hiezahan'ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana ihany koa ny hiitaran'ny fampianarana teny angilisy any amin'ny faritra.

Nampahafantarina ireo mpiara-miasa tany amin'ny Faritra Melaky fa misy mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana mpampianatra teny angilisy ka hanomboka any Antananarivo ny fiofanana ary hiitatra any amin'ny faritra rehetra. Efa manomboka mianatra haitoekarena ihany koa izay liana amin'izany any Antananarivo.

Hanomboka tsy ho ela ny fampiofanana momba ny *leadership*. ho an'ireo *chef de postes* manerana ny Nosy. Tsy ho diso anjara amin'izany kosa anefa ireo mpiasa rehetra liana.

actualités

Les postes comptables doivent être sécurisés

L'on a maintes fois annoncé dans nos colonnes que, compte tenu de l'insécurité qui prévaut sur tout le territoire national, l'intégrité des agents du Trésor Public et des fonds publics n'est plus assurée (cf. Tahiry n°42). Ainsi, deux réunions relatives à la garde des postes comptables ayant vu la participation de la Gendarmerie Nationale, du Commissariat Central, de la FIP, de la DESB et de la DGT ont eu lieu les 18 et 19 avril 2014. L'objectif est de trouver, une bonne fois pour toute, une solution durable en matière de sécurisation des postes comptables du Trésor Public. Certes, des efforts ont été déployés au niveau des Départements chargés de la sécurité publique au lendemain du braquage de la Perception Principale Avaradrano sise à Analamahitsy dans la soirée du 17 mars 2014. Néanmoins, force est de constater que bien des postes comptables sont complètement insécurisés. A l'issue desdites réunions, il a été décidé à court terme, de : (i) procéder à une patrouille régulière pour les postes comptables à proximité d'un poste de la Gendarmerie, (ii) prioriser la garde des postes se trouvant dans les zones rouges, (iii) assurer la sécurisation des postes comptables avant et pendant les périodes de grande échéance et (iv) veiller au renfort en cas de nécessité. A long terme, il faudra trouver une solution commune au niveau de la Gendarmerie et la Police nationale dans le cadre de l'Etat Major Mixte Opérationnel.

▲ Andry RAKOTOARIMANANA

Fermeture de la BICM : dans l'intérêt des déposants et du système



D'éferlante médiatique et interprétations en tous genres. Le retrait de l'agrément de la Banque Industrielle et Commerciale de Madagascar (BICM) fait des vagues et vire au cauchemar pour les déposants privés du retrait de leurs fonds au sein de la banque. Contrairement à certaines informations véhiculées, la décision de la Commission de Supervision Bancaire et Financière (CSBF) de suspendre l'agrément de la banque fait suite à de nombreux rappels ainsi qu'à de nombreuses tentatives de redresser la situation de la banque. Il fut un temps même où la BICM a bénéficié de faveurs quant au non respect par cette dernière des règles relatives aux réserves obligatoires. Après quelques injonctions de la CSBF et plusieurs propositions de cette dernière en vue du rétablissement de la situation, dont des recapitalisations et une cession d'actions, le couperet est tombé. On pourrait analyser la position de la CSBF pour le dilemme posé par le cas de la BICM comme suit : fallait-il laisser pourrir la situation jusqu'à disparition totale des avoirs de la banque ? Ou bien était-il plus sage de limiter les dégâts et de donner un maximum de chances aux déposants pour qu'ils puissent récupérer leurs avoirs ? Il est inutile bien évidemment de rappeler qu'à la fermeture de la banque, il était impossible pour cette dernière de procéder au remboursement intégral des avoirs de ses déposants. La CSBF a donc opté pour une décision sage, une mesure conservatoire en faveur des clients. En effet, le retrait de l'agrément ouvre directement à la liquidation de la banque : la réalisation de ses actifs (vente de ses biens) sera affectée à l'épuration de ses dettes. Il faut donc attendre la liquidation en question pour que ses déposants puissent récupérer leurs fonds. Affaire à suivre...

▲ Herinjaka RABENAIVO

apostrophe

OTIV Boeny : Pas de place pour la culture de médiocrité et d'assistanat

Mettre en œuvre la politique du Gouvernement pour la promotion et le développement du secteur de la microfinance. Telle est la mission principale de la Coordination Nationale de la MicroFinance (CNMF). Etant un service rattaché à la Direction Générale du Trésor, la CNMF partage parfaitement les valeurs tant prônées par le Trésor Public dans l'accomplissement de sa mission (cf Tahiry 39, janvier 2014). Ce ne sont nullement des vains mots mais ils ont été prouvés par les actes. Le cas de cette jeune Institution de MicroFinance (IMF), l'OTIV Boeny, installée dans une zone très faiblement couverte par les offres de services microfinanciers, donc très prometteuse, en est une parfaite illustration.

Accompagner les IMF vers l'institutionnalisation et les aider à se conformer à la réglementation en vigueur. L'assainissement du secteur de la microfinance a amené l'Etat à accompagner certaines IMF potentiellement viables, pérennes, répondant aux différents critères techniques et aux normes prudentielles exigées par la profession. A ses débuts, la jeune IMF en question a obtenu de l'Etat une subvention d'investissement et d'exploitation à hauteur de 150 millions MGA dans le cadre de son accompagnement vers l'institutionnalisation du fait qu'elle avait de très bonnes perspectives dans le développement du secteur.

Mauvaise gestion. «L'homme raisonnable s'adapte au monde. L'homme déraisonnable essaye d'adapter le monde à lui-même. Par conséquent, tout progrès dépend de l'homme qui n'est pas raisonnable», dixit Bernard Shaw (PN de la littérature, 1925). Propulsée peut-être par ses premiers résultats, certes très prometteurs, l'OTIV Boeny était tombée dans le piège d'étendre abusivement ses zones d'interventions initialement prévues dans son plan de développement sans même demander l'aval de la Commission de Supervision Bancaire et Financière (CSBF). Les conséquences ont été logiques par rapport à l'acte et désastreuses : les charges d'exploitation ont gonflé, l'octroi de crédits a puisé les ressources propres de l'IMF.

A trop vouloir, le déboire ! La règle fondamentale et élémentaire en gestion financière est le principe des ressources limitées. Conséquence, la CSBF a adressée une injonction pour cause de non-conformité à la réglementation en vigueur à l'OTIV Boeny, avec notamment des fonds propres négatifs de plus de 200 millions MGA à la fin de l'année 2012. Un délai de trois mois pour redresser cette situation plus que catastrophique lui a été alors accordé.

Deux demandes de subventions. Une première demande de subvention de près de 20 millions MGA a été adressée par l'OTIV Boeny au Trésor Public pour couvrir les honoraires du commissaire aux comptes pour la certification des comptes des exercices 2011 et 2012. Le commun des apprentis financiers sait très bien que la certification des comptes est une activité normale au sein d'une IMF, les charges y afférentes doivent être supportées par l'IMF elle-même. Une deuxième demande de subvention de 5 milliards MGA a été de nouveau adressée au Trésor Public dont 1,5 milliard pour la recapitalisation, 1 milliard pour l'investissement, 1,5 milliard pour les fonds de crédit et 1 milliard pour l'exploitation. La demande a été rejetée pour des raisons techniques : i) dossier incomplet et absence de compte prévisionnel de trésorerie détaillé justifiant les besoins exprimés ; ii) états financiers non fiables car non certifiés ; iii) extension hâtive et démesurée des activités, origine de la dégradation de l'IMF ; iv) plan d'affaires non joint à la demande ; v) défaillance du système de contrôle interne, source de la dégradation de la qualité du portefeuille de prêt.

La réorientation stratégique des interventions de la Direction Générale du Trésor dans le secteur de la microfinance exclut dorénavant toute forme d'injection financière en faveur des établissements de crédit, encore moins à une IMF dont le mode de gestion s'éloigne des bonnes pratiques. D'ailleurs, si le Trésor Public disposait d'un tel moyen, il prioriserait indiscutablement les réformes entamées à travers ses cinq défis (cf. Tahiry 39).

Jamais deux sans trois mais avec la politique en plus. Comme disait Anne Archet, «La bêtise est la seule ressource naturelle vraiment renouvelable», une troisième demande de subvention de 1,550 milliard MGA a été reçue de l'IMF puis une quatrième à hauteur de 2 milliards MGA à seulement vingt jours d'intervalle. Il est à préciser que beaucoup de politiciens sont intervenus dans le cadre de ce dossier qui est pourtant un cas purement technique.

Le Trésor Public ne fléchira pas. Comme il fallait s'y attendre, les deux dernières demandes de subvention de l'IMF ont été rejetées avec les mêmes arguments purement techniques précédemment avancés par le Trésor Public. Mais quoi qu'il advienne, il est inconcevable d'espérer une exception de la part du Trésor Public au détriment de la bonne gouvernance des fonds publics qui lui est si chère. Soyons tous responsables. A bon entendeur, salut !

▲ Ony N. RABENANTOANDRO

tsy aritra

Antenaina fa tena niova tokoa...

Fitantanana mahomby (bonne gouvernance), mangarahara (transparence), fahavitana (efficacité, efficience)... Lasa teny filamatra tsy afaka eo am-bavan'ny maro ireo ankehitriny. Mahafaly ny mahare izany satria saika izay mikabary sy mandahateny dia manao litania amin'ny fitanisana ireo teny ireo avokoa. Irariana fa tena fahatongavan-tsaina tokoa ary hitondra fiovana marina eo amin'ny fomba fitantanana. Misy amin'izy ireo mantsy no mbola tsy niaina izany mihitsy.

Tao ny nahavita zavatra mamohetrata teto amin'ny firenena taloha. Ny sasany dia tsy nahomby teo amin'ny fitantanana nankinina taminy kanefa mbola nomena toerana hitantana seha-pamokarana tena iankinan'ny toekarena ihany. Teo koa ireo nindrana volam-bahoaka nefa tsy namerina. Ny hafa indray dia nikasa hanodinkodim-bola na nangalatra ankitsirano izao. Nisy koa ireo nitsikera sy nanaraby ary nangingana mihitsy ny Tahirimbolam-panjakana tamin'ireo ezaka efa nataony mba hisian'ny fitantanana ny volam-bahoaka amin'ny fomba mahomby sy mangarahara.

Mahavelom-bolo tokoa anefa ny zava-misy ankehitriny fa tsy nihambahamba akory izy ireo nanova ny tononkirany ka mitanisa ireo teny toa lasa filamatra ireo, izay efa nampihariny ny Tahirimbolam-panjakana nandritra izay dimy taona izay. Antenaina fa tena finiavana hiova tokoa no nanosika an'ireo sokajin'olona voalaza ireo mba hitondra fampandrosoana ny firenena. Aoka mba ho fahatsapan-tena izay hitarika amin'ny tena fiovana mahery vaika amin'ny fitondran-tena no hitranga fa tsy sanatria hanao mpitari-bato vilam-bava intsony. Dia miandry ny fampiharana izany ny vahoaka!!!

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

Ry mpanao pôlitika, ny marina re lazaina e !



Lalam-pirenena fahasivy :
vatsin'ny BAD vola
ny fanamboarana azy

Efa andrasana tsikelikely ankehitriny ireo famatsiam-bola avy any ivelany. Marihina anefa fa nisy mpamatsy vola izay tsy nampitsahatra ny fiaraha-miasany tamin'i Madagasikara nandritra ny kirizy. Niasa andro aman'alina ireo teknisianina miaramisalahy amin'ny mpamatsy vola ijerena ny tetikasa tokony

hotohanana. Efa voafaritra taloha ny fandaharanasa sasany ary tanterahina amin'izao fotoana izao. Ankehitriny tokoa mantsy dia maro ireo fanambarana milaza fa «efa tonga sahadry ny famatsiam-bola». Tsy latsaka fotsiny toy ny mana avy any an-danitra akory ny famatsiam-bola ho an'ny fotodrafitrasa goavana toy ny lalana, fa mila fotoana maharitra ny fifampiraharahana sy ny fifandresen-dahatra amin'ireo mpamatsy vola. Koa aoka ny vahoaka tsy ho tompon-trano mihono na hino fotsiny ny lainga tsara lahatra afafin'ireo mpanao pôlitika. Sady izany koa anie no fitohizam-pitantanana e!

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

Sosialy

Ireo nahazo tokantrano

Mialy & Rolland

Rolland Louis
RALISON (Chargé
d'études - DCP)
sy Velonjanahary
Mialimbolamena
RAHELIARISOA.
Nifamotoana teny
amin'ny EKAR Md
Josefa Mahamasina
ny fianakavian'izy
roa ny sabotsy 03
mey 2014 mba



hiombom-bavaka amin'ny fanamasinana ny voady
masina nifanaovany. Notsongain'i Rolland sy i
Mialimbolamena ny tenin'Andriamanitra hoe : « Ny
vehivavy tsara fanahy, satroboninahitry ny lahy...
Tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny
satroboninahitrao. » (Oh 12,4 - Apok 3,11). Ranomasina
sy lanitra no lohahevitra nofidina ary ny loko manga
no nentin'izy ireo nandravaka ny lanonana. Koa ho
lalina toy ny ranomasina sy ho kanto tahaka ny lanitra
manga mandrakariva anie ny fitiavan'izy ireo.

Diana & Harilanto

Cathédrale Andohalo,
03 mey 2014. «Fa
tahaka ny haa-
von'ny lanitra ambo-
nin'ny tany no
haben'ny fitiavany
amin'izay mataho-
tra Azy» Sal 103,11.
Io no tenin'And-
riamanitra nafi-
din'i Holitiana Diana
RAZAFINDRABEZANDRINA (RGA) sy Harilanto Gabriel
RABARIBAKO hanorenana ny tokantrany. Ny loko
bois de rose no nandravahana ny lanonana.



Ravaka & Onja

Ny zoma 25 Aprily
2014 no andro
sarobidin'i Onjatina
RAJAOISON,
chargé d'études
ao amin'ny CNMF,
satria nampiakatra
an'i Ravaka Anita
RAKOTOARISON
ho vadiny izy
tamin'io. Tao amin'ny
fiangonana EKAR Md Vincent de Paul Ambatonilita
no notanterahana ny fanamasinana ny mariazin'izy roa.
Niara-paly taminy ny fianakaviana sy ny namana sy
tapaka, izay zavolombelon'ny fanorenan'izy ireo ny
tokantrany.



Faly miaraha azy ireo
nahaorina tokantrano ny Tahirimbolam-panjakana.

Ireo nisotro ronono

Salim **MARIAMA** / Concepteur, SAF, 22 taona niasana



Tamin'ny 05 jolay 1985 no nandray ny asany tao amin'ny Faritanin'i Mahajanga i Salim MARIAMA. Lasa mpiasa *détachée* tao amin'ny *Trésorerie Générale* (TG) Mahajanga izy nanomboka tamin'io fotoana io ihany ka *standardiste* no asany tao. Tamin'ny taona 2003 kosa no niova andraikitra izy ka nisahana ny fizarana taratasy fandraisam-bola *bons de caisse* sy *titres de Pension*. Io hatrany no asany hatramin'izy nandeha nisotro ronono.

«Nahitako fahasoavana ny *Trésor*. Ireo TG rehetra nifandimby dia nanao anay ho zanaka an-trano fa tsy nisy nanilikilika anay *agents détachés*.

Tokony hifandefitra hatrany isika na inona zavatra miseho satria ny mpiara-miasa dia toy ny mpiray tampo», hoy i Salim MARIAMA.

Odette **RAFARALALAO** / Responsable Export, DRSFP, 24 taona niasana



Tao amin'ny *Secrétariat Général* no niasany voalohany tamin'ny 03 janoary 1990. Rehefa nahavita dimy taona tao izy dia nahazo famindran-toerana ho ato amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Avy hatrany dia tao amin'ny *Service de Suivi des Opérations de Change* (DRSFP) izy ary niandraikitra ny export. Tsy niala tao izy mandra-pandehany nisotro ronono.

«Nahafinaritra be ny niasa tato amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana indrindra nandritra ny taona faramparany. Ny mpiasa matotra avokoa, ny lehibe tsy mitsahatra mikarakara ny tontolo iainan'ny mpiasa (fanomezana fampiofanana maro isankarazany na teto an-toerana na tany ivelany, fanatsarana ny tombontsoa...). Mirary antsika zandry sy zanaka mba ho tafita soa amin'ny fisotroan-dronono ary samy hahavita be amin'ny asa» hoy i Odette RAFARALALAO.

Mankasitraka sy misaotra ary mitsodrano azy mirahavavy
noho ny asa vitany ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana.

Ny tera-bao



Aintsoa Elia ANDRIAMBOLOLONA.

Naniry zaza ka tera-dahy i Hajaina Henintsoa ANDRIAMBOLOLONA - miasa ao amin'ny DRSFP (SSOC) sady mpanoratra ato amin'ny Gazety Tahiry - sy Oniniaina Farahanitra RAMELIARISOA. Teraka tetsy amin'ny CENHOSOA (Soavinandriana) ny talata 13 mai i Elia. Zaza voalohany ary nilanja 3,160 kg ity menaky ny ain'izy roa ity.

Miarahaba ny ray aman-drenin'i Elia nomen' Andriamanitra ny dimby ny Foibem-pitondran'ny Tahirimbolam-panjakana.

TG Antsiranana : Hommage au Trésor Public malgache



La célébration de l'anniversaire a été clôturée par le traditionnel partage du gâteau

11 avril 1963 - 11 avril 2014. Il y a 51 ans, les Malgaches ont pris les services du Trésor Public de Madagascar. Les Français ont rendu l'indépendance financière à la Grande île. Si l'ensemble du personnel du Trésor Public malgache a célébré durant une année entière le cinquantenaire de l'Institution, l'équipe de la TG Antsiranana, elle, a décidé de pérenniser la commémoration et le jour du vendredi 11 avril 2014 a été marqué.

Agents du Trésor et fiers de l'être. Conscients des efforts fournis par le département qu'ils servent et honorés de s'approprier les valeurs que le Trésor Public malgache véhicule, le personnel a adopté à l'unanimité la décision de tenir un événement pour marquer cette date : un banquet, le temps d'un déjeuner. Tous ont manifesté joie et allégresse et de surcroît, le... *feeling* était au rendez-vous. Puisse le Trésor Public aller de l'avant, rester fidèle à ses valeurs et voir sa lutte pour la bonne gouvernance et l'orthodoxie financière aboutir!

▲ DINA Andriamanaly Lauréat

actualités

Fanendrena tomponandraikitra vaovao ato amin'ny Tahirimbolam-panjakana

Mitohy ny ezaka fanamafisana sy fanatsarana ny fitantanana ny volam-bahoaka ataon'ny Tahirimbolam-panjakana eny anivon'ny «*Etablissements Publics*» sy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. «*Etablissements Publics*» maromaro no nahazo mpitan-kaonty manokana tao anatin'ny enim-bolana lasa izay. Noho ny fandaminana vaovao dia nisy mpitan-kaonty teny anivon'ny sampan-draharahan'ny Tahirimbolam-panjakana no voatendry hisahana asa eny anivon'ireo *organismes publics* hafa. Nisy ihany koa ny fanendrena olom-baovao ho mpitan-kaontim-panjakana.

Adidy sy andraikitra goavana sady masina tokoa no iantsorohan'ny mpitan-kaontim-panjakana. Izany no mahatonga azy ireo ho tsy maintsy manao fianianana eo anatrehan'ny Fitsarana ara-bola mialoha ny handraisana andraikitra voalohany amin'ny maha mpitan-kaonty azy. Izay tsy nahavita izany dia tsy mbola afaka napetraka teo amin'ny toerana maha mpitan-kaonty azy.

Toeram-piasana	Mpitan-kaonty teo aloha	Mpitan-kaonty vaovao
Agence Nationale de Contrôle des Semences / Fonds de Développement Agricole	-	Mamy Tiana Richard Thierry ANDRIANANTENAINA
HMP Antananarivo	-	Jean Antoine HO-KAM
HMP Toamasina	-	Rinasoa Fleurette RAMANOELINA
HMP Mahajanga	-	Noroso ANDRIAMANAMPISOA
HMP Fianarantsoa	-	Niainamampianina RAFANOMEZANTSOA
Centre National de l'Eau, de l'Assainissement et du Génie Rural / Silo National des Graines Forestières	-	Andrianantenaina Ramiamanana RANAIVO
CCIA / FCCIM	Andrianantenaina Ramiamanana RANAIVO	Tantelinirina Sandrine RAKOTOMALALA
INTH / ANTA	Sylviane Andrée RAMILJAONA	Zanakolona Jean Yves RABARY
CENHOSOA / IST-T	-	Haingotiana ANDRIANARIVO
TG Manakara	Haingotiana ANDRIANARIVO	Jean Hyacinthe PANEVA
TP Mananjary	Jean Hyacinthe PANEVA	Ambinina Derarizo RAJOELA
TG Maintirano	Mampionona Olivier NASOLONJANAHARY	Njaka RATSIMBAZAFY
MCM	Clovis RAKOTOMAMONJY	Philibert ANDRIAMAMPITA
USTA	Imbe DAODO	Olivier Léonce HERISOLONIAINA
APIPA	Haja Helisoanirina RAKOTOARISON	Reliano Yvette RAHARIJAONA

Hiaro ny fampiasana ny volam-bahoaka amin'ny ara-dalàna tokoa anie izy ireo ary tsy hisy ho solafaka ka hivadika amin'ny teny nomeny.

Ankoatra ireo mpitan-kaontim-panjakana ireo dia nisy fiovana ihany koa tamin'ireo tale mpitantana ny sampandraharaha ato amin'ny Foibem-pitondrana. Voatendry ho *Directeur des Etudes* mantsy Andriamatoa Joelisoa Livaniaina RAKOTONANDRASANA, *Agent Comptable Central du Trésor et de la Dette Publique* taloha. Izy dia misolo toerana an'Andriamatoa Lesth Maminirina ANDRIAMBELO izay hisahana andraikitra hafa.

▲ Hanitra RANDRIANIRINA

SUDOKU

N° 39

		8	3		7			
							1	
	2	5	9					7
1	7				9			4
8								9
		3	7		8	6		
	6	7			1	5		
						3		

VALIN'NY N° 38

6	1	3	4	5	9	7	2	8
5	2	7	3	1	8	6	9	4
9	8	4	6	7	2	3	5	1
8	3	6	1	9	5	4	7	2
1	9	2	7	8	4	5	3	6
7	4	5	2	6	3	1	8	9
3	6	1	9	2	7	8	4	5
2	7	8	5	4	6	9	1	3
4	5	9	8	3	1	2	6	7

sehatra ifampizarana

Fanadiovana tavoahangy mpitahiry hafanana (thermos)

Vinaingitra fotsy na vinaingitra alikaola: Hafanaina ny vinaingitra dia araraka ao anatin'ilay tavoahangy. Ahotsakontsana tsara ary avela hiasa 20 minitra. Ho voadio tsara ny tavoahangy, hiala ny sokay amin'ny vodiny, hiala avokoa ny fofona sy ny mety ho otrika aretina rehetra.

Sira vaingany: Aorian'ny fanadiovana ka mbola misy lotona kafe na dite miraikitra dia asiana sira vaingany eran'ny tanana sy rano mangatsiaka 4 vera. Ahontsana tsara ary avela hilona mandritra ny fahefakadiny. Akobana tsara amin'ny rano madio ny tavoahangy mpitahiry hafanana avy eo.

Karbonetra: Asio karibonetra ny rano mafana. Avelao hilona 30 minitra dia akobano. Sady hadio no tsy hisy fofona mihitsy ny tavoahangy mpitahiry hafanana.

▲ Nangonin'i Ony N. RABENANTOANDRO

TAHIRY AN-TSARY TRESOR PUBLIC



1



2



3



4



5

1 Fifamindram-pahefana teo amin'ny *Directeur des Etudes* taloha sy *Directeur des Etudes* vaovao

2 Fifamindram-pahefana teo amin'ny *Trésorier Principal* Mananjary taloha sy ny *Trésorier Principal* vaovao

3,4 Fitsidihana tany Maintirano

5 Toy izao ny lalana mampitohy an'i Tsiroanomandidy sy i Maintirano



TAHIRY

**Bulletin mensuel d'information et de liaison
de la Direction Générale du Trésor**

Adresse

Porte 311, Ministère des Finances et du Budget
Antaninarenina, 101 Antananarivo

E-mail : bulletintahiry@gmail.com

Tél. : 22 276 14

Site Web : www.tresorpublic.mg

Imprimé en 1400 exemplaires